



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-61

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA  
NY TALATA 19 MEY 2020 KA HATRAMIN'NY ALAKAMISY 18 JONA 2020**

Fivoriana faha-7  
Natao ny  
Alarobia 20 Mey 2020  
- Tolak'andro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAHANTANIRINA Lalao  
- ANGELE Solange

**FOTOANA:** Alarobia 20 Mey 2020, tamin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 19 Mey 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 18 Jona 2020.

Nitohy ny Alarobia 20 Mey 2020, tamin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny mpivory hanonona ny laharany ahafahana hanamarika ny fahatongavany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay momba ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 19 May 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 18 Jona 2020 ary niangavy ny Mpitantsoratra, mba hamaky ny volavolam-pandaharam-potoana novolavolaina tany amin'ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneralin'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakin'izany.

### **CONFERENCE DES PRESIDENTS**

#### **FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY CONFERENCE DES PRESIDENTS NY ALAROBIA FAHA 20 MAI 2020**

-----

Nivory ny Alarobia faha-20 Mey 2020 nanomboka tamin'ny 11 ora maraina ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny Solontenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana. Nohazavainy avy eo ny antony sy ny maha zava-dehibe ny "Point de presse" hatao aorian'ny "Conférence des Présidents" hampisehoantsika

Solombavambahoaka ny firaisankinantsika manoloana ny fitakiana ataon'ny firenena ireo Nosy Malagasy mbola bodoin'ny Frantsay. Mila asiana tohiny, hoy izy, ireo asa nataon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny sy ny Komity misahana io raharaha io ary indrindra ny finjavana lehibe asehon'ny Filohan'ny Nosy.

Manana andraikitra amin'ny raharaham-bahiny ny Antenimierampirenena, izany no anisan'ny antom-pisian'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny ao amin'ny Andrimpanjakana izany.

Taorian'izay dia nanolotra avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izay ireo ny Talata faha-19 Mey tamin'ny 10 ora maraina. Nisy fanovana sy fanatsarana maro nentin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ny "Plan de relance économique" aorian'izao hamehana ara-pahasalamana izao.

Nolanian'ny "Conférence des Présidents" avy eo ny Volavolam-panadaharam-potoana nasiam-panovana manomboka ny Talata faha-19 Mey ka hatramin'ny 18 Jona 2020 ary hentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-20 Mey 2020 amin'ny 02 ora tolak'andro mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

**ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Mardi 19 Mai 2020** au **Jeudi 18 Juin 2020**

**MARDI 19 MAI 2020**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent- (Salle BP)

**MERCREDI 20 MAI 2020**

**10H 00**: Conférence des Présidents- (CCI- Ivato)

14H 00: **SEANCE PLENIERE** - (CCI-Ivato)

**Adoption de l'ordre du jour**

**15H 00**: Réunion du Comité Mixte sur la Réforme du Décret n° 2016- 355 du 03 Mai 2016 relatif au Comité Local du Développement (CLD) - (CCI- Ivato)

**SEANCE PLENIERE** - (CCI-Ivato)

**MARDI 26 MAI 2020**

**10H 00** : Séance de Questions des Députés et Réponses du Gouvernement

**TRAVAUX DES COMMISSIONS**

**MERCREDI 27 MAI 2020**

**JEUDI 28 MAI 2020**

et

**VENDREDI 29 MAI 2020**

**09H 00 et 15H 00**: -Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)

- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis) – (Salle des Séances)

-Projet de loi de Finances Rectificative pour 2020

**SEANCE PLENIERE** - (CCI-Ivato)

**JEUDI 28 MAI 2020**

**Rapport d'activités du Gouvernement (En application des articles 101 et 102 de la Constitution)**

**10H 00 et 15H 00**: -Primature

-Ministère de la Défense nationale

-Ministère de la Justice

-Ministère de la Sécurité Publique

-Secrétariat d'Etat auprès du Ministère de la Défense Nationale en charge de la Gendarmerie

SEANCES PLENIERES - (CCI-Ivato)MARDI 02 JUIN 2020

**10H 00**: -Ministère des Affaires Etrangères  
-Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation

**15H 00**: -Ministère de l'Economie et des Finances  
-Ministère de l'Industrie, du Commerce et de l'Artisanat  
-Ministère de l'Elevage, de l'Agriculture et de la Pêche

MERCREDI 03 JUIN 2020

**10H 00**: -Ministère des Transports, du Tourisme et de la Météorologie  
-Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Travaux Publics  
-Vice -Ministère chargé des Villes Nouvelles et de l'Habitat

**15H 00**: -Projet de loi de Finances Rectificative pour 2020

JEUDI 04 JUIN 2020

**10H 00**: -Ministère de la Santé Publique  
-Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme de la Femme  
-Ministère de la Jeunesse et des Sports

**15H 00**: -Ministère de l'Education Nationale et de l'Enseignement Technique et Professionnel  
-Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique

VENDREDI 05 JUIN 2020

**10H 00**: -Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures  
-Ministère des Mines et des Ressources Stratégiques

MARDI 09 JUIN 2020

**10H 00**: -Ministère de Travail, de l'Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales  
-Ministère des Postes, des Télécommunications et du Développement numérique  
-Ministère de la Communication et de la Culture

**15H 00**: -Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène  
-Ministère de l'Environnement et du Développement Durable

**MERCREDI 10 JUIN 2020**

**10H 00**: Election du Représentant de l'Assemblée nationale au sein de la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI).

**15H 00**: Création des Commissions Spéciales sur la mise en accusation devant de la Haute Cour de Justice (HCJ)

**TRAVAUX DES COMMISSIONS**

**JEUDI 11 JUIN 2020**

**09H 00**: -**Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)  
-**Commission du Commerce et de la Consommation** (Saisie pour avis) – **Salle des séances**

-Proposition de Résolution n°01-2020/PR portant assainissement du circuit de distribution des marchandises générales et d'augmentation des recettes fiscales, présentée par Monsieur le Député RASOLONJATOVO Honoré, Vice-Président de l'Assemblée nationale.

-**Commission du Commerce et de la Consommation (Saisie au fond)**  
-**Commission de la Santé Publique** (Saisie pour avis)  
-**Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises - Salle BP**

-Proposition de loi n°03-2019/PL relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunel, Vice-Président de l'Assemblée nationale.

**SEANCES PLENIERES - (CCI-Ivato)**

**MARDI 16 JUIN 2020**

**10H 00**: -Proposition de Résolution n°01-2020/PR portant assainissement du circuit de distribution des marchandises générales et d'augmentation des recettes fiscales, présentée par Monsieur le Député RASOLONJATOVO Honoré, Vice-Président de l'Assemblée nationale.

**15H 00**: -Proposition de loi n°03-2019/PL relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunel, Vice-Président de l'Assemblée nationale.

**MERCREDI 17 JUIN 2020**

**10H 00**: **Présentation du rapport d'activités 2019 de la Commission Nationale Indépendantes des Droits de l'Homme (CNIDH).**

**JEUDI 18 JUIN 2020****10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent- (Salle BP)****FICHE DE PRESENCE  
CONFERENCE DES PRESIDENTS****DATE:** 20 mai 2020**HEURES:** 10H**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
3	RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
4	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Présidente
5	MICHELLE Bavy Angélica	Vice-Présidente
6	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
7	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
8	ANGELE Solange	Rapporteur Général
9	RAFENOMANATSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des ressources stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
03	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
04	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
05	Commission Juridique.	IDEALSON	IRD
06	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
07	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
08	Commission de poste et des Télécommunication et des nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR
09	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
10	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriamiharimanana Seth	IRD

11	Commission de l'Élevage et de la Protection Animale	RAYMOND	IRD
12	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RASOLONIAINA Robert	IRD
13	Commission de l'Éducation Nationale	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD
14	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN Francois Michel	TIM
15	Commission de Commerce et de la consommation	ASSIMO Bruno	IRD
16	Commission des Ressources Halieutiques et de la pêche	BAOFENO Micheline	IRD
17	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
18	Commission de la Fonction Publique, du Travail et de Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
19	Commission de la population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
20	Commission Chargé de l'Examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAKOTOMALALA Lucien	IRD
21	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD

### **PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GRUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José
2	GPR	Neypatraiky A.R

### **REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GRUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
01	IRD	Mbade Jeannine Gabriel
02	IRD	PEPIN Michou
03	GPR	DARKHAOUI Siritis
04	TIM	RANDRIAMBOLAINA Gerry

**Représentant du Gouvernement:** - YAMICOLE Franckline

Chef SRI/PRIMATURE

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka izy.

Nanambara Andriamatoa NASIRA Julien fa tsy voasoratra ao anatin'ny tatitra ny anarany kanefa tonga nivory ny tenany.

Nisy Solombavambahoaka maromaro nandray fitenenana nanitsy ny antoko misy azy izay IRD fa tsy "Indépendant"; izany hoe tsy nisy "Indépendant" tonga nivory tao fa IRD daholo.

Nilaza Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot fa tsy voasoratra ao anatin'ny tatitra ny "Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique" kanefa tonga nivory tany amin'ny "Conférence des Présidents".

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ampiana laharana faha-21 ny ao amin'ny pejy faha-4 asiana an'io Vaomiera tsy voasoratra io.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 19 Mey 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 18 Jona 2020 ny mpivory ka andininy faha-90 amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 19 Mey 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 18 Jona 2020 ary nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy tiany ambara.

Tsy nanan-kambara ny solotenan'ny Governemanta.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay hatao anio amin'ny 3 ora, tolak'andro, mikasika ny fivorian'ny "Comité Mixte sur la Réforme du Décret n°2016-355 du 3 Mai 2016 relatif au Comité Local du Développement (CLD)" ary ny Talata 26 Mey 2020 fivoriambe hanatanterahana ny fametraham-panontaniana avy amin'ny Solombavambahoaka ary valim-panontaniana omen'ny Governemanta.

Nanentana ny mpivory ny tenany mba ho tonga mavitrika hanatrika izany fivoriana izany.

Niato tamin'ny 2 ora sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona